# Izy no làlana, fahamarinana, fiainana … !

**‘’Voairaka hanompo ny fampiombonana’’**
**‘… manatontosa ny asam-panirahantsika toy ny rantsam-batana iraisam-pirenena isika …’**
(Lalàm-panorenana – Ny asam-panirahana – 10)

## *MASERA MARIE CHRISTINE (– LYON – FRANTSA)*



**« *Voairaka miaraka* » :** volohany indrindra io asam-panirahana io fa tsy miara-mahazo azy indray maka ny rehetra.
« *Voairaka miaraka* » midika fa mifanohana ny tsirairay avy : izany hoe, mahatsapa fa **manana andraikitra amin’ny fivoarana maha-olona sy ara-panahin’ny tsirairay isika** . Eo am-pihoarana ny tahotra isika (ny fahasamihafana, ny kisary omentsika,izay hitantsika eto ivelany, sns…) afaka miditra amin’ny fifandraisana feno fahatokisana isika, mamolaka ny tenantsika, tahaka ny tantaran’i ilay *Mpanjaka kely*. Ataoko fa ny rehetra efa samy nanandrana ny takian’ny fanekena na ny fandavana ny fifampiresahana. Mamela soritra ao amintsika izany.
Nefa isika eo am-panarahana an’i Kristy *Làlana, Fahamarinana, Fiainana*.

- *Làlana* satria mahita azy isika rehefa an-dàlana isan’andro vaky,
- *Fahamarinana*, satria omeny fahasoavana isika matetika hanao ny marina, miaraka amin’ny hafa.
- *Fiainana,* satria rehefa miditra amin’ny Fahazavany, lasa *velona misimisy kokoa* isika.

Ao amin’ny Kôminôte, tiako ny fifampizarana izay ananantsika sy maha izy antsika ; fotoana izay hahafahan’ny tsirairay milaza ny fomba izay niatrehany tamin’ny alalan’ny zava-niseho teo amin’ny Fiangonana sy izao tontolo izao, tamin’ny alàlan’ny hafaliana sy alahelon’ny havana. Amin’ny fomba miavaka na, ao amin’ny vavaka, raisintsika ny fiainan’ny mpifanolo-borindrina, ny fianakaviantsika, ireo izay any amin’ny toeram-pikatrohantsika, na izay lazain’ny gazety, dia manjary fiombonana io fizarana io.




Afaka mifampiteny am-pitiavana : *misaotra, azafady, raha sitrakao*…manampy ahy be dia be. « *Ny fijerim-pitiavana marina dia izay manantena antsika* », hoy i Paul Baudiquey.
Koa tsy noho famelantsika hitoetra ao amintsika, an’Ilay tiantsika hatramin’ny farany ve, no hianarantsika hijery tahaka Azy sy hizara ny fahazavana omeny ?